# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

**Talata 04 aogositra 2026 – Filan-kevitry ny Minisitra ampitain-davitra**

## I. FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fanatanterahana fanomezana toerana andraisana asa mifandraika amin'ny tetibola ho an'ny Minisiteran'ny Foloalindahy.

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY FITSARANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA + MINISITERAN'NY VAROTRA SY NY FANJIFANA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tolo-kevitra amin'ny fanaovan-tsonia ny Fifanarahana momba ny Fikambanana Iraisampirenena momba ny Fanelanelanana (OIMed).

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY FITSARANA + MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA + MINISITERA MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fidiran'i Madagasikara amin'ny Vondrona iraisampirenena miady amin'ny fisolokiana atao amin'ny alalan'ny telefaonina na tambajotran-tserasera, izay novolavolain'ny Repoblika Entimbahoakan'i Sina.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny tolo-kevitra famindrana ho an'ny Fanjakana ny anjara petra-bolan'ny Kaompania ARO ao anatin'ny renivolan'ny Kaompania NY HAVANA.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana ny fandoavana ny trosa tsy voaloa (arriérés de paiement) amin'ny anaran'Andriamatoa Rakotondrazafy Andriantsitapohina Josué Longin.

**MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanalavana ny fe-potoana manan-kery ho an'ny pasipaoro malagasy.

**MINISITERA MISAHANA NY FANAVAOZANA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin'ny Minisitera misahana ny Fanavaozana sy ireo Vondrom-piaraha-monim-pirenena (OSC), ho fanomezana ainga vao ny dingana ho fidiran'i Madagasikara ho mpikambana ao amin'ny "*Partenariat pour un Gouvernement Ouvert" (OGP).*

**MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanamafisana ny fepetra fanaraha-maso ara-pahasalamana eny amin'ny sisintany manoloana ny loza ateraky ny valanaretina Ebola.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANTSA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana ho amin'ny fampiharana ny didim-panjakana laharana 2022-800 tamin'ny 1 jona 2022 izay mampihatra ny fepetra voalazan'ny andininy faha-39.II.2 amin'ny lalàna laharana 2016-055 tamin'ny 25 janoary 2017 momba ny Fehezan-dalàna mifehy ny tsenam-baro-panjakana, amin'ny fametrahana Tobim-pianarana ambony miisa telo miaraka amin'ny fitaovana any Antsiranana, Mahajanga ary Toliara.

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampidirana ny fandrindrana nomerika *(digitalisation)* eo amin'ny rafi-pampianarana tekinika sy ny fanofanana araka asa (ETFP).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanamafisana ny vovonana nomerika ho an'ny fanoroana lalana sy fampidirana eo amin'ny sehatry ny asa ireo mpiofana amin'ny Fampianarana Tekinika sy Fanofanana araka Asa (ETFP).

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahan-dalana mikasika ny fampiharana ireo paika arahina miavaka amin'ny fandraiketana tsenam-baro-panjakana voalaza ao amin'ny didim-panjakana laharana faha 2019-1310 tamin'ny 3 jolay 2019, ho an'ireo tsenam-baro-panjakana vatsina amin'ny alalan'ny sorabola avy amin'ny Fandaharanasa Fampiasam-bolam-

panjakana (PIP) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena ara-tsakafo (MiASA).

### MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisana an-tanana ny setrin'ny fanampiana malagasy avy amin'ny Tetikasa "Pôle Intégré de Croissance Agro-Industrielle dans le Sud", Dingana Voalohany (PICAS-I).

### MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandinihana indray ireo antontan-taratasy fangatahana hanao tetikasa famokarana herinaratra avy amin'ny masoandro natolotra taorian'ny fe-potoana nandritra ny hetsika "Vahaolana Ara-masoandro ho an'i Madagasikara".

- Nankatoavina ny fampitana am-bava nangatahana alalana amin' ny fanavaozana ny fahazoan-dalana hampiditra sy hitatitra an-dalam-be akoran'afo ho an'ny JIRAMA.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava nangatahana alalana amin' ny fanomezana ny fahazoan-dalana hitahiry sy hitsinjara solika ho an'ny JIRAMA.

### MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fangatahana fahazoan-dalana hanao taky baiko ny orinasa Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA), araka ny fahamaizana, mba hanaovany fifanarahana hamatsiana sy hividianana *Gasoil* izay natokana hamatsiana ny tahiry ho an'ny ivon-toerana mpamokatra herinaratra ampiasaina mandritra ny enim-bolana (6).

### MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana ny Paikady ara-barotra momba ny fahatongavana eto Madagasikara 2026-2030.

### MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fidiran'i Madagasikara ao amin'ny Fikambanana Iraisampirenena ho an'ny Fiaraha-miasa amin'ny Angontsaina Itatra (OMCIA/WAICO).

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fanomezan-dalana hanaovana sonia ny Fifanarahan'ny Firenena Mikambana momba ny Heloka ana habaka, fantatra ihany koa amin'ny hoe "Fifanarahana *Hanoï* ".

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampahafantarana ny fanendrena ny Tale Jeneralin'ny Orinasam-panjakana Kianja Barea (KBM).

## III. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nolanina ny volavolan-dalàna momba ny fandravonana ny tetibola 2021.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA**

- Nolanina ny didim-panjakana manome alalana ny fandraisan'ny Fanjakana Malagasy anjara amin'ny fampiakarana ny renivolan'ny orinasa Société d'Etudes de Construction et de Réparation Navales – SECREN S.A.

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY**

- Nolanina ny didim-panjakana manambara fa ilaina noho ny antony fanasoavam-bahoaka ireo tany natokana ho an'ireo fananganana fampitaovana voafaritra ao amin'ny drafitra fanajariana ifaharan'ny tanànan'i Nosy Be izay voafaritry ny fari-piadidiana ara-pitondran-draharahan'ny Kaominina Ambonivohitra Nosy Be.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- Nolanina ny didim-panjakana manambara fa asa fanasoavam-bahoaka ny asa ilaina amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa fanamboarana Tobim-pamokarana Herinaratra avy amin'ny Rano ao Ankelimahery, manana tanjaka 10,5 MW, ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ambohimasina, Distrikan'Arivonimamo, sy ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ampanotokana, Distrikan'Ambohidratrimo, ary manome lalana ny fahazoana amin'ny alalan'ny fifanarahana an-tsitrapo na amin'ny alalan'ny fanesorana fananana noho ny antony maha tombontsoam-bahoaka ireo sombin-tany sy/na trano samihafa voakasiky ny fanatanterahana ireo asa ireo.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nolanina ny didim-panjakana momba ny taky baiko ny orinasa Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA) mba hanaovany fifanarahana hamatsiana sy hividianana *Gasoil* amin'ireo mpamatsy izany, manomboka ny volana aogositra 2026, izay natokana hamatsiana ny tahiry ho an'ny ivon-toerana mpamokatra herinaratry ny JIRAMA mandritra ny fe-potoana enim-bolana (6), mba hitsinjovana ny fiahiana ara-toekarena sy mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-024 tamin'ny 12 janoary 2022 ary manendry **ny Jeneraly DERAMASINJAKA Manantsoa Rakotoarivelo**, ho Sekretera Maharitry ny Filaminana sy ny Fiarovam-pirenena *(Secrétaire Permanent à la Défense et à la Sécurité Nationales)* eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-734 tamin'ny 14 jona 2023 ary manendry **ny Jeneraly ANDRIAMASIMANANA William Michel**, ho Inspektera Jeneraly eo anivon'ny Fitsirihana Ambony ho an'ny Tafika.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1469 tamin'ny 26 novambra 2025 ary manendry **ny Jeneraly BERARAZANA Patrick**, ho Inspektera Jeneraly Lefitra eo anivon'ny Fitsirihana Ambony ho an'ny Zandarimariam-pirenena.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2018-1121 tamin'ny 29 aogositra 2018 ary manendry **ny Jeneraly RAKOTONDRAMANANA Andriambololona François John Anthony**, ho Inspektera eo anivon'ny Fitsirihana Ambony ho an'ny Zandarimariam-pirenena.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1472 tamin'ny 26 novambra 2025 ary manendry **ny Jeneraly NDRIANAMBOARINA Florentin**, ho Inspektera eo anivon'ny Fitsirihana Ambony ho an'ny Zandarimariam-pirenena.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-038 tamin'ny 15 janoary 2025 ary manendry **ny Kôlônely APOLLINAIRE Lezafy Celin**, ho Inspektera eo anivon'ny Fitsirihana Ambony ho an'ny Zandarimariam-pirenena.

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-486 tamin'ny 6 martsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RABEHERIFARA Dominique Claude**, ho Tale misahana ny Fifandraisan'ny Roa lafy eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-764 tamin'ny 10 jolay 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RAVELOARISON Noro Hanitriniaina**, ho Tale misahana ny Fampiombonana sy Fiaraha-miasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-373 tamin'ny 28 febroary 2024 ary manendry an-d**Ramatoa RASAMOELINA Tahina**, ho Tale misahana ny Fifandraisana iraisampirenena maro lafy eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAMIARINJANAHARY Olga**, ho Masoivohon'i Madagasikara any amin'ny Repoblikan'i Maorisy.

**MINISITERAN'NY FITSARANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2016-1286 tamin'ny 11 oktobra 2016 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFINDRANAMANA Pierrot**, ho Tale Jeneralin'ny Sekolim-pirenena manofana ny Mpandraharahan'ny Fonja *(Ecole Nationale d'Administration Pénitentiaire)* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-814 tamin'ny 1 jona 2022 ary manendry an'**Andriamatoa LAMINA Boto Tsara Dia**, ho Talen'ny Fampiroboroboana ny Fahitsiana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitsarana.

**MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1654 tamin'ny 8 desambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa TOMBOZARA Alida**, ho Lehiben'ny Distrikan'Analalava.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-1262 tamin'ny 19 jona 2024 ary manendry an'**Andriamatoa NINA HARIMANANA ANDRIANINA Nohary Rianala**, ho Sekretera Jeneralin'ny Prefektioran'Ambatondrazaka.

- Volavolan-didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMAHAZOSOA Ruphin Vonjy**, ho Tale misahana ny raharaha ankapobeny eo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1263 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa DELLARIS RANDRIAMANANKEVITRA Huberto**, ho Lehiben'ny Prefektioran'Antsiranana.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1289 tamin'ny 19 novambra 2025 ary manendry an'**Andriamatoa RANOROSON Soloniaina Laurent**, ho Lehiben'ny Distrikan'i Belo amoron'i Tsiribihina.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1191 tamin'ny 5 mey 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOHAVANA Malalaharijaona Fanoela**, ho Lehiben'ny Distrikan'i Bekily.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-995 tamin'ny 17 aprily 2024 ary manendry an-d**Ramatoa NOMENJANAHARY Claude Nicole**, ho Lehiben'ny Distrikan'i Vohipeno.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-442 tamin'ny 27 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa MAHARITRA Gabriel**, ho Lehiben'ny Distrikan'i Vangaindrano.

## MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMAMPIANINA Andrianaivo Lala Masoandro**, ho Tale Jeneralin'ny Toekarena sy ny Drafitrasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa HERINIAINA Lahady Eugène**, ho mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Fanohanana eo anivon'ny Fitaleavana Ankapobeny ny Tetibola sy Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAKOTOARSON Rinja Ninah**, ho Tale misahana ny raharaham-pitsarana eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-593 tamin'ny 13 martsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RASOLOFOMANANA Gerzhino Heriniaina**, ho Tale misahana ny fandinihana sy ny famolavolana lasitra ara-toekarena eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-595 tamin'ny 13 martsa 2024 ary manendry an-d**Ramatoa RAZAKAMANANA Marilys Victoire**, ho Tale misahana ny fandrindrana sy ny fanaraha-maso ary ny fanombanana ny fandaharanasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAHASIVOLOLOMBOAHANGY Ny Ako**, ho Talen'ny Fanaraha-maso ireo Andrimpanjakana eo anivon'ny Fitaleavana Ankapobeny ny Tetibola sy Fitantanam-bola eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAVELOMANANJATOVO Séverin**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Analamanga eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa HENRI LAHINIEREKO Ambinentsoa**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Itasy eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa JAOTOMBO Honoré**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Diana eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa DOKOLAHY Randrianirina Victor**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Sava eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAHAJAHARIMANANA Hanitra Solonirina Victorine**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa FENO Armandine**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Analanjirofo eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAMBOASOLO Verohanta**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Betsiboka eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ZAFIMAHATRATRA Bertin Bonaventure**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa NDRASANIRINA Stephan Jacques Andronique**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Vatovavy eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAVOARAHARISON Yannick François**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Fitovinany eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RELAHARA Herimanantsoa Rolland**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Ihorombe eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa TSIENGENY Safidy Jaspar**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Atsimo Andrefana eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa KOLO Frijof**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Menabe eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa MASITATA Jean Roberson**, ho Talem-paritry ny Tetibola sy ny Fitantanam-bola ao amin'ny Faritra Androy eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
- Noraisina ny didim-panjakana manendry ireo delege foibe sy ireo delege isam-paritry ny fanaraha-maso ny Fitantanam-bola.

## MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-494 tamin'ny 06 martsa 2024 ary manendry an'**Andriamatoa BAOHITA Robert**, Talem-paritry ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany ao amin'ny Faritra Menabe.

## MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-070 tamin'ny 8 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa REMAMY Razafimiroe Randzavola Nirina**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Matsiatra Ambony.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-071 tamin'ny 8 janoary 2026 ary manendry an-d**Ramatoa RABOTOVAO Nirinarisoa Estelle Marie Christophine**, ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo (DRASA) ao Amoron'i Mania.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMARAKITA Hervé Philippe** ho Talem-paritry ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo ao Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena Ara-tsakafo.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-351 tamin'ny 20 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAFALIHERISOA Safidimpitia Obien**, ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Itasy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-276 tamin'ny 12 martsa 2025 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANTSOA Rija Harijaona**, ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Betsiboka eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Monja Fagnolana**, ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Atsimo Andrefana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa REDIDA Valisoa Erick**, ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Anosy eo anivon'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOSON Efasoa Peliharinirina**, ho Tale misahana ny Fotodrafitrasa sy ny Tohana eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa NOMENJANAHARY Tantely Rakotondraibe**, ho Tale misahana ny Angovo Mahazatra eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo

**MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ROLLY Einstein Nabih Miarina**, ho Talen'ny Serasera sy ny Rafitra Kajimirindra (DCSI) eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-209 tamin'ny 15 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa VELOMANANA Yvon**, ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Boeny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-086 tamin'ny 12 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa VAZISON Marolahy**, ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Menabe.

**MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-908 tamin'ny 8 aprily 2026 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOSON Iantsa Nirina Lily**, ho Talen'ny raharaham-pitantanana sy ny Fitantanam-bola (DAF) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fizahantany sy ny Asatanana.

**MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISANKINA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1047 tamin'ny 23 aprily 2026 ary manendry an-d**Ramatoa SIO Princesse Rissina**, ho Talen'ny Serasera eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-105 tamin'ny 8 janoary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa BEJOMA Jean Rosny**, ho Talem-paritry ny Mponina sy ny Firaisankina ao Diana eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-555 tamin'ny 5 febroary 2026 ary manendry an'**Andriamatoa BELAMY Alberto**, ho Talem-paritry ny Mponina sy ny Firaisankina ao Sofia eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa MAHITSITENY Claudia Marie Annita**, ho Talem-paritry ny Mponina sy ny Firaisankina ao Atsimo Atsinanana eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-111 tamin'ny 8 janoary 2026 ary manendry an-d**Ramatoa RANAIVOSON Arisely Danielle**, ho Talem-paritry ny Mponina sy ny Firaisankina ao Menabe eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Firaisankina.

## IV. FANAFOANANA FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-485 tamin'ny 6 martsa 2024 nanendrena ny Tale misahana ny Fampiroboroboana ny Fiaraha-miasa ho an'ny Fampandrosoana eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-536 tamin'ny 27 mey 2020 nanendrena ny Tale misahana ireo Malagasy am-pielezana sy ny resaka fifindra-monina eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2024-588 tamin'ny 13 martsa 2024 nanendrena ny Tale misahana ny Fampiroboroboana Ara-toekarena eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-019 tamin'ny 8 janoary 2026 nanendrena ny Tale misahana ny Arofenitra eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-806 tamin'ny 23 jolay 2020 nanendrena ny Tale misahana ny Rafitra Ara-kajy mirindra eo anivon'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-775 tamin'ny 25 mey 2022 nanendrena ny Filohan'ny Vaomieran'ny Famoahana Lalàna sy Fandravonana Disadisa ao amin'ny Manamahefa Mpandrindra ny Tsenam-baro-panjakana.

***Antananarivo, 04 aogositra 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***